



VONDRONA EROPEANA  
IRAKA MPANARA-MASO NY FIFIDIANANA  
MADAGASIKARA 2013



**SERASERA HO AN'NY MPANAO GAZETY**

Dika teny Malagasy

Repoblikan'i Madagasikara : Hanara-maso ny fifidianana Filoham-pirenena ny Vondrona Eropeana

Bruxelles, 03 oktobra 2013

Taorian'ny fanasàna avy amin'ny Fitondrana Malagasy dia nanapan-kevitra ny Vondrona Eropeana eto Madagasikara fa handefa iraka manokana (MOE UE Madagasika 2013) hanara-maso ny fifidianana ho Filohampirenena hotanterahina ny 25 oktobra ho avy izao.

Ity iraka manokana ity dia tarihan'dRamatoa Maria Muniz, mpikambana ao amin'ny Parlemanta Eropeana, tonga eto Antananarivo ny 02 oktobra ary hilaza amin'ny fomba ofisialy ny fanombohan'ny asa mandritra ny valan-dresaka atao ho an'ny mpanao gazety ny 03 oktobra.

Tonga teto Antananarivo ny 25 septambra teo ny manam-pahaizana amin'ny resaka fifidianana miisa 9. Hanamafy azy ireo ny mpanara-maso miisa 44 andrasana ny 03 oktobra ary hijanona maharitra eto Madagasikara. Misy 50 hafa indray andrasana andro vitsy mialoha ny fifidiana ho filoham-pirenena. Ireto farany dia hijanona andro vitsivitsy ihany.

Ho avy hanamafy ny fanaraha-maso ihany koa mandritra ny fotoam-pifidianana ireo delegasiona avy amin'ny Parlemanta Eropeana sy ireo solotenan'ny Masoivohon'ireo firenena mpikambana amin'ny Vondrona Eropeana miasa eto Antananarivo.

Araka izany dia miisa 100 ireo mpanara-maso halefan'ny Vondrona Eropeana mandritra ny andro hanatanterahana ny fifidianana. (Izy ireo dia avy amina firenena 26 mpikambana ao amin'ny Vondrona Eropeana sy avy any Norvège).

Hisy ny valan-dresaka ho an'ny mpanao gazety hataon'ireto iraka ireto andro vitsy aorian'ny fifidianana. Mandritra izany no hanambarany ny antotan-kevitra voalohany hizarany ny fomba fijeriny tamin'ny fanatanterahana ny fifidiana eto Madagasikara. Hijanona eto Madagasikara ireo iraka ireo hanara-maso ny fanisam-bato sy ny fametrahana fitarainana.

Hanatrika ihany koa ny fifidianana solombavambahoaka izy ireo izay hatao ny 20 desambra ary indrindra ihany koa ny fanatanterahana ny dingana faharoa amin'ny fifidianana ho Filohampirenena. Ny MOE dia hamoaka ny antotan-kevitra farany ahitana ireo tombana rehetra mikasika ny fifidianana sy ny soso-kevitra hanatsaràna izay fifidianana manaraka hatolotra ireo manam-pahefana malagasy.

**Fifandraisana MOE UE Madagascar 2013** : Peggy CORLIN - Attachée de presse -  
Finday [\(+261\) 033 46 662 56](tel:+2610334666256) – Mailaka : [peggy.corlin@moeue-madagascar.eu](mailto:peggy.corlin@moeue-madagascar.eu)